Ry dadatoa,: lazao hoe : Tsy misy tompo mendrika ho tompoina afa-tsy Allah, teny izay hiadiako hevitra ho anao amin’i Allah.”

Tatitra azo avy tamin'i Said bin Al-Mosayyab, tatitra azony tamin'ny rainy, niteny manao hoe : Rehefa ho faty i Abo Talib dia tonga tao aminy ny Irak'i Allah (S.A.W) ka nahita an'i Abo Jahl sy Abdollah bin Abi omayyah bin Moghirah teo aminy, dia hoy izy hoe : «Ry dadatoa,: lazao hoe : Tsy misy tompo mendrika ho tompoina afa-tsy Allah, teny izay hiadiako hevitra ho anao amin’i Allah.” Dia hoy Abo Jahli sy Abdollah bin Abi Omayyah : Tsy ho tianao intsony ve ny finoan’i Abdol Mottalib? tsy mitsahatra hatrany ilay Irak'Allah mampiteny azy izany ary naverimberin'izy roa tamin'i Abo Talib ihany koa ny teniny, Mandra-pahatongan'i Abo Talib nilaza ny teniny farany tamin'izy ireo hoe : Manaraka ny fivavahan'i Abdol Mottalib aho, ary nandà ny hiteny: Tsy misy tompo mendrika ho tompoina afa-tsy i Allah. Hoy ny Mpaminany (S.A.W) : “Mianiana amin'I Allah aho fa hangataka famelan-keloka ho anao tokoa raha mbola tsy voarara amin'izany.” Teo dia nampidinin'i Allah ilay andininy masina nanambara hoe : Tsy anjaran'ny Mpaminany sy ireo mpino ny mangataka famelan-keloka ho an'ireo mpampitambatra (mpanompo sampy) [At-Taobah: 113], ary nampidinin'Allah tamin'i Abo Twalib ity andininy masina ity izay milaza amin'ny Mpaminany (S.A.W) hoe : {Tsy mitarika izay tianao ianao (ry Mohammad), fa Allah no mitari-dàlana izay tiany} [Al-Kasas: 56].

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Niditra tao amin'i Abo Talib dadatoany ny Mpaminany (S.A.W) raha efa ho faty izy, ary niteny taminy hoe : Dadatoa o, teneno hoe : “Tsy misy tompo mendrika ho tompoina afa-tsy Allah”, teny ijoroako ho vavolombelona hiaro anao manoloana an'I Allah. Hoy i Abo Jahl sy Abdollah bin Abi omayyah : Ry Abo Talib, hiala amin'ny finoan'i Abdol Mottalib rainao ve ianao?! Fivavahana amin'ny sampy izany, tsy nitsahatra niresaka taminy izy roa mandra-pilazany teny farany nolazainy tamin'izy ireo : Manaraka ny finoan'i Abdol Mottalib, ny fivavahana amin'ny fanakambanana sy ny fanompoana sampy. Hoy ny Mpaminany (S.A.W) : “Hangataka famelan-keloka ho anao aho raha tsy mandrara ahy ny hanao izany ny Tompoko, teo dia nidina ny tenin'I Allah manao hoe: {Tsy anjaran'ny Mpaminany sy ireo mpino ny mangataka famelan-keloka ho an'ireo mpampitambatra (mpanompo sampy), na dia havany akaiky aza izy ireo, rehefa niseho tamin'izy ireo mazava tsara, fa olon'ny afobe izy ireny].(Taoba:113). Nidina momba an'i Abo Talib ny tenin'I Allah Tsitoha : {Tsy mitarika izay tianao ianao (ry Mohammad), fa Allah no mitari-dàlana izay tiany. Ary Izy no Mahafantatra indrindra ireo voatari-dàlana].(Kassas: 56), Tsy mitarika izay tianao hotarihina ianao, fa mampita ny hafatra no adidinao, fa Allah no mitarika izay tiany.